Raha omena ny olona izay nangatahany, dia hisy olona maro hitaky fananan'ny olona sy ny ra fandatsahan-drà azy ireo, fa ny porofo kosa takiana amin'izay milaza fa tompony, ary ny fianianana ho an'izay mandà

Tatitra azo avy tamin'i Ibn Abbas (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : " Raha omena izay lazainy avokoa ny Olona, dia hisy Olona sasany hitaky ny harena sy ny Ran'ny sasany; fa ny vesatry ny porofo kosa dia an'ny mpitory, ary ny fianianana kosa dia an'izay mandà."

[Tsara] [رواه البيهقي وغيره هكذا وبعضه في الصحيحين]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa raha omena rariny noho ny fitakiana fotsiny ny olona, tsy misy porofo na filazana mazava tsara, dia hisy olona hitaky fananan'ny olona sy famonoana azy, tsy izany anefa, fa ny mpitory dia tsy maintsy manolotra porofo mazava momba ny zavatra takiny, raha tsy manana porofo izy, dia atolotra ny voampanga ny fitakiana, ary raha mandà izany izy dia tsy maintsy mianiana ary afaka madiodio.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/66532